## MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Ho avy ny Maorisianina sy ny Reonioney

***19 andro mialoha ny hiatrehana ny "Marathon international de Tana" isika anio. Efa mipetrapetraka ny fanomanana. Vonona ny atleta hiatrika izany. Ho avy ireo atleta vahiny hifaninana amin'ny Malagasy.***

Nambaran'ny filohan'ny federasiona malagasin'ny atletisma, Ramanantsoa Andriamahazo Norolalao, fa efa ho avy handray anjara amin'ny Marathon international de Tana, andiany faha-16, tanterahina amin'ny alahady 16 oktobra ho avy izao, ry zareo Maorisianina, izay hisy atleta roa ary ny Reonioney, manana enina, ka anisan'izany i Jean-François Lebon, nandrombaka ny andiany faha-15.

Eo am-piandrasana ny valinteny avy amin'i Afrika Atsimo kosa ny mpikarakara. Ankoatra izay, hisy vahiny hafa koa ho avy, dia i M'bar Ndiaye, tompondaka erantany amin'ny tae-kwon-do sy Laurence Fischer, tompondaka eo amin'ny karate. Tsy hifaninana amin'ny Marathon izy mianadahy ireo fa handray anjara fotsiny, amin'ny 10 km.




*Mampanantena hetsika tsara, ireo mpikarakara.*
*(Sary Tiana)*

### Zava-baovao roa

Hampiavaka ity Marathon international de Tana 2016 ity, ny fisian'ny Maratoons Land, toerana natokana ho an'ny ankizy sy ny fianakaviana. Misy kilalao isan-karazany sahaza ny kilonga izany.

Eo koa ny *"cabaret"* ankalamanjana, hataon'i Fanja Andriamanantena, izay mankalaza ny faha-50 taona niakarany an-tsehatra sy nilomanosany tao anaty mozika. Ny asabotsy alina ny hanaovana izany, eo an-tokontanin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra.

Tsiahivina fa hahazo lelavola 1.500.000 Ar ny voalohany eo amin'ny Marathon international de Tana. Ankoatra ny Marathon, hisy koa ny *"Les foulées écolo"* mirefy 10 km sy ny handirun, ho an'ny olona sembana mirefy 10 km ihany koa ary ny Maratoons, hanana halavirana 1, 5 km.

*"Mihazakazaka miady amin'ny sida"*, ny teny filamatr'ity *"Marathon international de Tana"* ity.

**Torcelin**